REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

# TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

**ALAROBIA 10 NOVAMBRA 2021**

**NOTANTERAHINA TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA NY FILANKEVITRY NY MINISITRA ANDROANY IZAY NOTARIHIN'NY FILOHAM-PIRENENA ANDRY RAJOELINA ARY NAHITANA NY PRAIMINISITRA SY IREO MINISITRA ISAN-TOKONY**

## I- FAMPITAM-BAOVAO

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

**Nankatoavina ny hanatanterahana, ny 18 novambra 2021 ho avy izao, ny Dinika Politika na "Dialogue politique" andiany faha-9 eo amin'i Madagasikara sy ny Vondrona Eoropeana, izay hatao eto Antananarivo.**

Izany dia dinika Politika antsoina hoe "Dinika Fiaraha-miasa » eo amin'i Madagasikara sy ny Vondrona Eoropeana ary manaraka ireto fandaharam-potoana novolavolain'ireo teknisiana ao amin'ny sampan-draharaha teknika voakasik'izany ireto:

- Fitantanana, toe-draharaha ara-politika sy ara-toekarena eto Madagasikara
- Zon'olombelona, Fiarovana ara-tsosialy
- Fiaraha-miasa EU-MADAGASCAR, fampandrosoana ny harena arak'olona

### MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY + MINISITERAN'NY ATI-TANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

**Nankatoavina ny famerenana indray ny fahazoan-dalana miditra handoavam-bola na "Visas d'entrée payants" taorian'ny fisokafana amin'ny ampahany ny habakabak'i Madagasikara.**

Ho tohin'ny fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Minisitra natao ny alarobia 13 oktobra 2021 mikasika ny fanokafana amin'ny ampahany ny habakabak'i Madagasikara dia nankatoavin'ny Filankevitry ny Minisitra ny famerenana indray ny "Visas d'entrée payants", izay anisan'ireo fepetra miaraka amin'ity fisokafana ity sy fitsinjovana ny fanarenana ara-toekarena ihany koa.

### MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**Nankatoavina ny fisafidianana ny Kabinetra "Rothschild & Co » ho "Conseiller financier" an'ny Repoblikan'i Madagasikara**

Ny "Rothschild & Co" dia vondrona iraisam-pirenena mahaleo tena sy matihanina manokana amin'ny toro-hevitra amin'ny Fanjakana sy ny orinasam-panjakana eo amin'ny fitantanam-bola. Araka izany, amin'ny maha-mpanolo-tsaina an'i Madagasikara azy manomboka izao, "Rothschild & Co" dia manolotra avy hatrany ireto asa manaraka ireto:

- Fiomanana amin'ny fidiran' i Madagasikara ao anatin'ny tsenam-bola iraisam-pirenena na "marché financier" ary ny "notation inaugurale" sy ny fanatsarana ny "indicateurs de compétitivité" an'i Madagasikara
- Famatsiam-bola indray ny rafitry ny renivolan'i Air Madagascar sy fitadiavana mpampiasa vola vaovao, amin'ny alalan'ny « fonds propres » sy/na trosa
- Fitadiavana famatsiam-bola ho an'ireo tetikasa laharam-pahamehana ao anatin'ny Drafitra fampandrosoana an'i Madagasikara na PEM.

Dimy ambin'ny folo (15) volana azo havaozina ary manan-kery manomboka ny 15 Novambra 2021 hatramin'ny 15 Febroary 2023 ny fotoam-piasana miaraka amin'i Madagasikara natolotr' ity kabinetra ity.

Maherin'ny 30 ireo governemanta sy orinasam-panjakana maneran-tany no omeny toro-hevitra. Ary miara-miasa amin'ny firenena maro mitovy amin'i Madagasikara toy an'i Côte d'Ivoire, Benin ary Niger indrindra amin'ny aty Afrika izy.

Ny traikefa ananany dia tena ilaina amin'ny famaritana ny paikady ara-bola mety ho an'i Madagasikara amin'ny fanohanana azy amin'ireo dingana rehetra amin'ny fifampiraharahana ara-bola. Madagasikara dia afaka mangataka an'ny "Rothschild & Co" ihany koa amin'ny sehatra hafa toy ny famaritana ny rafitra "macro-fiscal », ny fanomanana ny drafi-pampandrosoana nasionaly, ny toro-hevitra mampandroso amin'ny filaharana "Ease of doing Business" sy ny OECD. sns...

**MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA**

**Nankatoavina ny fandraisana an-tanana ireo haba sy hetra amin'ny fampidirana ireo fiara minibus izay fanomezana ho an'ny Polisim-pirenena.**

Fanomezana azo ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny UNFPA, amin'ny alalan'ny tetikasa hisorohana ny ady amin'ny herisetra mianjady amin'ny lahy sy ny vavy, ary amin'ireo vehivavy sy ireo zazavavy indrindra indrindra, izay vatsian'i Japana ara-bola. Ny "Brigade Féminine de Proximité » (BFP) eo anivon'ny sampan-draharaham-paritry ny Filaminam-bahoaka any Atsinanana sy Boeny dia nahazo fanomezana fiara Minibus roa (02), mba hanamafisana ireo hetsika fisorohana sy hanamorâna ny fandraisana an-tanana ireo herisetra mianjady amin'ny lahy sy ny vavy.

**MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY**

**Nankatoavina ny paikady hanatanterahana ny fandrakofana ala indray ho fanatrarana ny vinan'ny Filoham-pirenena "Madagasikara Rakotr'Ala", manoloana ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro**

Taorian'ny lahatenin'ny Filohan'ny Repoblika, Andry RAJOELINA nandritry ny COP-26, izay manasongadina ny maha zava-dehibe ny ala amin'ny ady amin'ny fiovaovan'ny toetr'andro, ary koa ny toerana maha-sangany an'i Madagasikara aty Afrika amin'izany tanjona izany, ary mba handrakotra ala an'i Madagasikara, ho fanatrarana ny velirano faha 10, sy ny tanjona "Madagasikara Rakotr'Ala" etsy ankilany, ny Minisitra Lefitra misahana ny Fandrakofana ala eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy dia manana tetik'asa hametraka « Programme

National pour la Reforestation » (PNR). Izany dia hialoha ny fanombohana amin'ny fomba ofisialy ny fanentanana fambolen-kazo ho an'ny taona 2021-2022, amin'ny alalan'ny fanentanana ireo mpisehatra rehetra sy ireo mpandray anjara fototra amin'ireo hetsika fiarovana ny ala, ny famerenana amin'ny laoniny ny ala ary ny fambolen-kazo mba hanatrarana io tanjona iombonana hanamaintso indray an'i Madagasikara io.

Maro ny mpandray anjara ho an'ny fampiharana ity « Plan National de la Reforestation » ity. Ireo mpisehatra rehetra sy ireo mpandray anjara rehetra tsy ankanavaka dia asaina mba hifanome tanana amin'ny fametrahana sy fanatanterahana ity « Programme national » ity : olom-pirenena Malagasy, sampan-draharaham-panjakana, sehatra tsy miankina, mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, fikambanana fiarahamonim-pirenena, vondrom-paritra itsinjaram-pahefana, ONG, fikambanana sy orinasa miasa amin'ny sehatry ny Fandrakofana ala/ Fambolen-kazo, ny fiarovana ny ala ary ny famerenana ny ala ... sns

Amin'ny ankapobeny, ny « Programme National de la Reforestation » dia ahitana hetsika fanentanana, fampahafantarana momba ny fanabeazana sy ny fifandraisana, fananganana "pépinières à grande echelle et de proximité", tetikasa fambolen-kazo mafonja miaraka amin'ireo sokajy samihafa amin'ny fambolena « industrielles/ mécanisées, tetik'asa famerenana amin'ny laoniny ny sehatry ny Faritra voaaro sy ireo « zones de Transfert de Gestion des Ressources Naturelles » (TGRN), ny tetik'asa fambolen-kazo isam-paritra sy kaominaly, na koa ireo asa fambolen-kazo mikendry ny tokantrano tsirairay.

Ny tanjona fototra dia ny famerenana ny ala eto Madagasikara sy ny fandrakofana ala indray an'i Madagasikara izay adidy iombonan'ny olom-pirenena Malagasy rehetra sy ireo hery velona misy eto amin'ny firenena.

## MINISITERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

**Nankatoavina ny fanomezana alalana hanatanterahina ny fanatsarana ny ivelan' ireo Hopitaly Manarapenitra izay ao anatin'ny tetikasa « Nouveaux Projets Emergents » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, taona 2021.**

Mamaly ny fanomezana fitsaboana manarapenitra ny vahoaka ny fanorenana ireo Hopitaly Manarapenitra (HMP), ahitana « Centres Hospitaliers de District » (CHD) miisa 13 izay tafiditra ao anatin'ny fanatanterahana ireo tetikasan'ny Filoham-pirenena.

Ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka dia nametraka ao anatin'ny « Nouveaux Projets émergents" ny fanatsarana ivelany ireo Hopitaly Manarapenitra ao Vohibato, Manandriana, Beloha, Ambohimahasoa ary ny Hopitaly Manarapenitra ao Andohatapenaka.

## MINISITERAN'NY RANO, NY FAHADIOVANA ARY NY FIDIOVANA

**Nankatoavina ny fampidirana ireo asa fanaovana "forage" na fanaovana lava-drano lehibe any amin'ny distrikan'Ambovombe, Tsihombe, Bekily ary Ampanihy ho isan'ireo "Nouveaux projets émergents" an'ity Minisitera ity**

Mba hahafahana mamaly amin'ny fomba mahomby ny olana miverimberina amin'ny tsy fahampian-drano any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara, ny minisiteran'ny Rano, ny Fahadiovana ary ny Fidiovana (MEAH) dia maniry ny hahazo famatsiam-bola amin'ny alàlan'ny « PIP 2022 » ao

amin'ny sokajy "Projets Emergents". Ny fampiasana ity famatsiam-bola ity dia natao ho an'ny asa fandavahana lava-drano maro lehibe any amin'ny Distrikan'Ambovombe, Tsihombe, Bekily ary Ampanihy ka hatao antso ho an'ny tolo-bidy misokatra izany.

Ireo faritra ireo dia hianjadian'ny "kere" noho ny toetr'andro maimaina sy tsy fahampian'ny rotsak'orana, nefa manana velaran-tany midadasika azo trandrahana tsara noho ny fisian'ny lemaka midadasika afaka manampy amin'ny hanafoanana ny mosary sy hanatsarana ny fahazoana rano fisotro madio.

Ireo asa ireo no fanombohana voalohany mifandraika an'ireo lava-drano lehibe miisa 35 kasaina hatao. Velaran-tany 200ha na 1.000 m2/ isan-tokantrano no ho voatondraka amin'izany ary olona miisa 10.000 no hisitraka izany.

**Fampitam-baovao mikasika ny fitokanana ny "unite pilote" fanodinana ireo fako mivaingana ao amin'ny Kaominina ambanivohitra ao Tanjombato, Distrikan'Atsimondrano, Faritra Analamanga.**

Ao anatin'ny fanatanterahana ny tetikasa ALISOTA (Fanadiovan-drano sy bolongan-javatra ao Antananarivo Renivohitra), ny Kaominina ambanivohitr'i Tanjombato, izay miara-miasa amin'ny Fikambanana tsy miankina GRET, dia nametraka izany "unite pilote" amin'ny fanodinana ireo fako mivaingana ao amin'ny Fokontany Tongarivo. Ny tanjona dia ny hafahana mampihatra ny paikady fanatsarana ny sehatry ny fitantanana ireo fako ao amin'ny Kaominina. Mivelatra amina velaran-tany 3400 m2 izany. Mponina sahabo eo amin'ny 56 000 eo ihany koa no hisitraka ny fisian'io fotodrafitrasa io. Vinavinaina ho fako 5800 tonnes isan-taona no ho voakasik'izany.

## MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY NOMERIKA, NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA ARY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA

**Nankatoavina ny fandraisan'ny fanjakana an-tanana ny haba sy ny hetra fanafarana ny andiany faharoa amin'ny fampitaovana sy fitaovana mikasika ny tetikasa MRTM (Modernisation des Réseaux de Télécommunications de Madagascar).**

Ao anatin'ny fanatanterahana azy tanteraka ny tetikasa MRTM ankehitriny. Toy izany koa ny fametrahana ireo fitaovana sy fampitaovana isankarazany natokana ho an'ny « Data Center » an'ny fanjakana sy ho an'ny tambazotra anatiny ho an'ny fitantanan-draharaham-panjakana, izay tonga tamin'ny novambra 2020. Nohon'ny tsy fisian'ny tetibola hahafahana mandoa ireo haba sy hetra amin'ny fanafarana ny andiany voalohany tamin'ny fampitaovana teo anivon'ny Minisitera, dia noraisin'ny Fanjakana Malagasy an-tanana ny haban-tseranana nifandraika tamin'izany

HUAWEI no mpiara-miombon'antoka ara-teknika no sady mpamatsy ny fanjakana amin'ny fanatanterahana ny tetikasa MRTM. Ao anatin'ny 15 andro voalohany amin'ny volana desambra ho avy izao ny fahatongavan'ny andiany faharoa amin'ny fampitaovana, izay misy ny « fibre optique » mampifandray ireo ivon-toeran'ny Minisitera sy ireo andrim-panjakana ary ireo fitaovana fifandraisan-davitra natokana ho an'ireto farany

# II- FANDANIANA VOLAVOLAN-DALANA

## MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

**Noraisina ny didim-panjakana manome alalana ny famindràna manontolo ny fananan'ny orinasa SEHI SA (Société d'Exploitation Hôtelière d'Ivato) ho an'ny Fanjakana Malagasy nohon'ny faharavan'ny orinasa.**

Ny SEHI SA dia orinasa misy ny fandraisana anjara tokan'ny Fanjakana Malagasy izay manana « actions » miisa 1000, ary misehatra amin'ny fitrandrahana sy ny fitantanana, mivantana na ankolaka, ny trano fandraisam-bahiny iraisam-pirenena « 5 étoiles » etsy Ivato.

Nisy asa notanterahina tao amin'ny trano fandraisam-bahiny nanomboka ny taona 2016 mba hahafahana mitrandraka izany tamin'ny marika SHERATON. Ireo asa ireo dia niato nanomboka ny septambra 2017 nohon'ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola sy ny tsy fisian'ny fankatoavana ireo asa izay efa natomboky ny tompon'ny marika. Noho izany, ny trano fandraisam-bahiny dia tsy niasa akory ary nanomboka ny volana aprily 2015, ny orinasa SEHI dia tsy namoaka "bénéfices", nefa nitohy hatrany ny fandaniana. Ny renivola madiodion'ny orinasa aza moa dia niiba. Noho izany, ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 03 martsa 2021 dia nankato ny fandravana mialoha io orinasa io.

Araky ny andininy faha 215 ao amin'ny lalàna 2003-036 tamin'ny 30 oktobra 2004 momba ny orinasa ara-barotra izay toy izao manaraka izao: « La dissolution d'une Société dans laquelle tous les titres sont d2tenus par un seul associé entraine la transmission universelle du patrimoine de la société à cet associé sans qu'il y ait lieu à liquidation"

Noho izany, ao anatin'ny fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny Filankevitry ny Minisitra natao ny 03 martsa 2021, dia izao nekena nandritra ity Filankevitry ny Ministra androany ity ny famindràna manontolo ny fanananan'ny orinasa SEHI SA ho an'ny Fanjakana Malagasy, izay mpampiasa vola tokana ao anatin'ny orinasa.

## MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY FANANANTANY

**Nankatoavina ny didim-panjakana manambara ny maha fananam-bahoaka ny "Réserves d'emprise des installations ou équipements" natokana ho amin'ny "Plan d'urbanisme directeur" ho an'ny tananan'i Vavatenina.**

Ny Faritra Analanjirofo dia ahitana tanàn-dehibe fito mifanaraka avy any Avaratra ka hatrany Atsimo, ka ny tanànan'i Vavatenina irery ihany no tsy tanàna manamorina ny moron-tsiraka amin'izany. Ary ankehitriny, ny fanajariana azy dia miainga manodidina ny Lalam-pirenena faha-22 sy ireo lalan-dehibe vitsivitsy ao an-tanàna. Vokatra izany, ny endrika sy ny lentan'ny fanajariana an'io lalam-pirenena io dia mamaritra ny fanitarana ny tanàn-dehibe ao Vavatenina.

Nohon'ny fitomboan'ny mponina sy ny fihazakazahan'ny hetsika ara-toekarena ataon'ny tsy miankina dia ilaina ny fandinihana ny drafi-panajariana tsotra (PSU) izay notontosaina tamin'ny 2004, mba ahafahana mamaly ireo filàna ankehitriny sy amin'ny hoavy eo sehatry ny toerana azo hohajariana, eo

amin'ny lafin'ny fotodrafitrasa sy fampitaovana ilain'ny vahoaka ary ny toerana misokatra ho an'ny rehetra.

**MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO + SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY NY TANANA VAOVAO SY NY TOERAM-PONENANA EO ANIVON'NY FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

**Nankatoavina ny didim-panjakana manambara ho tombontsoan'ny daholobe ny fanatanterahana ny asa fametrahana « câbles téléphériques » eto Antananarivo.**

Ny paikady fanambarâna tombontsoan'ny daholobe dia dingana tsy maintsy arahina amin'ny fanamboarana fotodrafitrasa manaraka ny toetrandro. Izany dia manamarika ny fankatoavana ireo tetik'asa hotanterahina. Ny fampanarahana toetrandro ny tambazotram-pitaterana dia lalana tsy maintsy lalovana hirosoana mankany amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena ny firenena ary ao anatin'ny famahàna ireo olan'ny fifandraisana.

Anatin'izany indrindra, ny Fitondram-panjakana Malagasy dia hanatanteraka asa fanamboarana sy fanajariana ireo fotodrafitrasa momba ny fitaterana amin'ny alalan'ny « câbles téléphériques » eto Antananarivo. Io fitaterana io, izay mifanaraka amin'ny zava-misy manokana eto an-drenivohitra, dia ahafahana manamora ny fifamoivoizana an-dalambe sy ny fivezivezena.

Mba hiarovana ny zon'ny tompon'ny tany voakasiky ny asa dia nisy ny fanadihadiana ara-pitantanana (enquête commodo sy in commodo) takiana amin'io tetikasa io. Noho izany, araka ny valin'ireo fanadihadiana natao, ity didim-panjakana ity dia manambara ho tombotsoan'ny daholobe ny fanatanterahana ireo asa fanamboarana sy fanajariana ireo fotodrafitrasa momba ny fitaterana amin'ny alalan'ny « câbles téléphériques » eto Antananarivo.

Na izany aza, ity didim-panjakana ity dia tsy midika ho « acte de cessibilité » an'ireo tany voakasika amin'ny fanatanterahana ireo asa ireo izay hotanterahina miaraka amin'ny « états et plans parcellaires » mifandraika amin'izany.

## III- FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**MINISITERAN'ny TOEKARENA sy ny FITANTANAM-BOLA**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1113 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTOARISON Jacques Roland**, ho « Directeur du Contrôle de Service Fait et du Suivi des Etablissements Publics » eo anivon'ny « Direction Générale du Contrôle Financier ».

**MINISITERAN'ny FANAJARIANA ny TANY sy ny FANANANTANY**

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-227 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRAPANANA Lucien,** ho « **Directeur Régional** » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananantany ho an'ny Faritra Boeny.

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-232 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAMANDANIARIVO Manfred, ho « Directeur Régional »** eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananantany ho an'ny Faritra Amoron'i Mania.

Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-234 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa MAHAZOSOA Tokiarimamy**, ho « **Directeur Régional** » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fananantany ho an'ny Faritra Haute Matsiatra.

**MINISITERAN'ny FAMPIANARANA AMBONY sy ny FIKAROHANA ARA-TSIANSA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONASY Solonjaka Hiarintsoa,** ho « **Directeur de la Statistique, de la Planification et du Suivi** » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana ara-tsiansa.

**MINISITERAN'ny FAHASALAMAM-BAHOAKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1128 tamin'ny 09 septambra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAKOTONANDRASANA Adolphe**, ho « Secrétaire Général » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2015-1125 tamin'ny 08 jolay 2015 ary manendry an'**Andriamatoa RAFANOMEZANTSOA Toky Andriamahefa**, ho « Directeur d'Etablissement du Centre Hospitalier Universitaire Analakininina Toamasina » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

**MINISITERAN'ny SERASERA sy ny KOLONTSAINA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RANARIVELO Andrianampoina Hajaina**, ho « Directeur de la Télévision Malagasy » eo anivon'ny « Office de la Radio et de la Télévision publiques de Madagascar ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-325 tamin'ny 07 martsa 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RAHARISON Tolojanahary Andry Rakotonaivo**, ho « Directeur des Relations Publiques » eo anivon'ny Minisiteran'ny Serasera sy ny Kolontsaina.

**MINISITERAN'ny ASA VAVENTY**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Général de Brigade RASOLOMANANA ANDRIAMALALA Richard Hajatiana**, ho « Secrétaire Général » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa RABENATOANDRO Voahirana Valérie Michèle**, ho « Directeur du Bureau de Traitement des Doléances et de la Lutte contre la Corruption » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-241 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RABEFIHAVANANA Alexandre**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Melaky.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa TSIVAKIANA Marco Gérald**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Diana.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAZAFINDRIANARIVO Henri Jacob**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Vakinankaratra.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-239 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa LANTONIRINA Stanislas Tombosoa Justin**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Sava.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RASOLONIRINA Yves**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Amoron'i Mania.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-231 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa GANOMANANA Raymond Alberto**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Atsinanana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-236 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RANAIVOARIMANANA Mbinintsoa Serge**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Itasy.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-240 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAMBELO Nasandratra Andrianina**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Menabe.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-242 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry an'**Andriamatoa JHULVER Philah Herinony**, ho « Directeur Régional » eo anivon'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ho an'ny Faritra Androy.

**MINISITERAN'ny ANGOVO sy ny AKORANAFO**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1301 tamin'ny 07 oktobra 2020 ary manendry an'Andriamatoa **JINOT Razafimamonjy,** ho « Directeur des Hydrocarbures » eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-180 tamin'ny 19 febroary 2020 ary manendry an' **Andriamatoa RABERIVO Adelin**, ho « Directeur des Ressources Humaines » eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMANANTENA Hery**, ho « Chef de l'Unité de la Lutte Contre la Corruption » eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.

- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RASOLONIRAINY Haritiana**, ho « Directeur Interrégional de Fianarantsoa » eo anivon'ny Minisiteran'ny Angovo sy ny Akoranafo.

**MINISITERAN'ny FAMBOLENA sy ny FIOMPIANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-417 tamin'ny 20 martsa 2019 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMANALINA Raharinjatovo Fenomanantsoa**, ho « Directeur Général de l'Agriculture » (DGA) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-575 tamin'ny 27 martsa 2019 ary manendry an-d**Ramatoa RAMILIARIJAONA Nomenjanahary Saholy**, ho « Directeur de la Protection des Végétaux » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fambolena sy ny Fiompiana.

**MINISITERAN'ny JONO sy ny TOEKARENA MANGA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1546 tamin'ny 18 Novambra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa FANAZAVA Rijasoa**, ho « Directeur Exécutif du Centre du Surveillance des Pêches »
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-672 tamin'ny 23 Jona 2021 ary manendry an'**Andriamatoa RAZAFIMANDIMBY Joseph Jean Chrysostophe**, ho « Coordonnateur de l'Unité de Gestion du Projet Swiofish2 » (UGP/Swiofish2).

**MINISITERAN'ny FAMPIROBOROBOANA ny ASA-TANANA sy ny HAITAO**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa KAJALY Dunest Audace Rabin**, ho « Directeur des Partenariats, des Projets, et du Développement » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Asa-tanana sy ny Haitao.

**MINISITERAN'ny FAMPIROBOROBOANA ny HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, ny PAOSITRA sy ny FIFANDRAISAN-DAVITRA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAJAONARISOA Tahiry,** ho « Directeur des Projets » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Haitao ara-kajy mirindra, ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra.

**MINISITERAN'ny TANORA sy ny FANATANJAHANTENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1236 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RANDRIAMIHAMISON Jean Yvon**, ho « Directeur des Ressources et du Développement de l'Académie Nationale des Sports » (DRD/ANS) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-1583 tamin'ny 25 novambra 2020 ary manendry an'**Andriamatoa RAMELSON Freddo Léandre**, ho « Directeur de la Communication » eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1232 tamin'ny 06 jona 2019 ary manendry an'**Andriamatoa HARINIRINA Rajohanesa Brice**, ho « Directeur du Sport-Santé et Développement » (DSSD) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2014-583 tamin'ny 28 Mey 2014 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRITERAKANDRIANA Aina Tafitasoa**, ho « Directeur d'Appui aux Sports de Haut Niveau » (DASHN) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-457 tamin'ny 20 martsa 2019 ary manendry an'**Andriamatoa RAJOHARISON Lantoarivelo Andrianina**, ho « Directeur de la Programmation et des Appuis » (DPA) eo anivon'ny « Coordination Générale des Projets du Ministère de la Jeunesse et des Sports ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2019-1228 tamin'ny 06 Febroary 2019 ary manendry an-d**Ramatoa DODO Hernolla Vlydius**, ho « Directeur du Centre de la Jeunesse et des Sports de Toamasina » (CJST) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2018-777 tamin'ny 12 Jolay 2018 ary manendry an'**Andriamatoa ANDRIAMAMITIANA Hasiniaina Solofonirina José Yves**, ho « Directeur des Systèmes d'Information » (DSI) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa ANDRIAMBELOMANGA Fara Hanta**, ho « Directeur de la Planification et du Suivi-Evaluation » (DPSE) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an-d**Ramatoa JOELISON Voahirana Herimanana née RAFIONONANTSOA**, ho « Directeur des Etudes Juridiques » (DEJ) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.
- Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa JAOTINA TSIADRISOA Tsifasemaharesy Berger**, ho « Directeur de l'Inspection et de la Lutte contre la Corruption » (DILC) eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MISAHANA ny TANANA VAOVAO sy ny TOERAM-PONENANA**

Noraisina ny didim-panjakana manendry an'**Andriamatoa RAKOTONDRABE Harisolofo Andriamihanta, ho** « Chef de Cellule Anti-

corruption » eo anivon'ny Sekretariam-panjakana misahana ny Tanàna vaovao sy ny Toeram-ponenana.

**SEKRETARIAM-PANJAKANA MIADIDY ny ZANDARIMARIAM-PIRENENA EO ANIVON'NY MINISITERAN'ny FIAROVAM-PIRENENA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-251 tamin'ny 26 febroary 2020 ary manendry ny **Général de Brigade MAMELISON Mbina Nonos**, ho « Directeur de la Police Judiciaire » eo anivon'ny « Commandement de la Gendarmerie nationale ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-286 tamin'ny 10 martsa 2021 ary manendry ny **Colonel JAOTINA Barijaona Germain**, ho « Commandant des Forces d'Intervention de la Gendarmerie nationale ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2018-349 tamin'ny 11 aprily 2018 ary manendry ny **Colonel RANAIVONAMPOIZINA Harilaza**, ho « Commandant de l'Ecole de la Gendarmerie nationale d'Ambositra ».
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-050 tamin'ny 13 janoary 2021 ary manendry ny **Général de Brigade RASENDRALAHY Hajaniaina**, ho « Coordonnateur de l'Office chargé de la Lutte contre la Corruption et de Traitement des Doléances » eo anivon'ny Sekretariam-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-313 tamin'ny 17 martsa 2021 ary manendry ny **Général de Brigade RAMASITERA Ny Haingo Zafinirina**, ho « Directeur de l'Organisation et de l'Emploi » eo anivon'ny « Commandement de la Gendarmerie nationale ».

## IV- FANAFOANANA

**MINISITERAN'ny FAMPIROBOROANA ny INDOSTRIA, ny VAROTRA sy ny FANJIFANA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-978 tamin'ny 29 septambra 2021 izay nanendry ny « Directeur de la Veille Economique et de la Communication » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifâna.
- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2021-607 tamin'ny 02 jona 2021 izay nanendry ny « Directeur Régional de l'Industrie, du Commerce et de l'Artisanat » eo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroana ny Indostria, ny Varotra sy ny Asa-tanana ho an'ny Faritra Vakinankaratra.

**Natao androany faha 10 novambra 2021**
**Ny sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika**